# JERIKO SY IREO “F” ANANKITELON’I JOSOA

Vakiteny fototra; Josoa 6:16

## FAMPIDIRANA

Ry namana malala, fifaliana ho ahy ny maha eto ahy miaraka aminareo @ ity fotoana manokana ity.

Ny lohahevitra fototran’ny Departemantan’ny Fifandraisana dia ny “**Fiaraha-miasa**”.

Ahoana no hahatrarana sy hanajana izany fiaraha-miasa izany kanefa isika dia miatrika ny fahasarotan’ity zao tontolo izao ity? Kanefa isika dia miatrika fihaikana manokana manoloana ny zava-misy iainantsika eto an-toerana?

Ahoana no ataonareo, tompon’andraikitrin’ny fifandraisana eo amin’ny antanan-tohatra isan-karazany any amin’ny fiangonana, mba ahafahanareo mitahiry izany toe-tsaina mampifandray izany eo anivon’ny departemanta misy anareo?

Ny teknolojia maoderina dia manome antsika fitaovana isan-karazany mba hifandraisana, mba milazà hoe sasantsasany amin’izy ireny!
Nefa misy foana ity hevitra mifanohitra izay milaza fa ny fifandraisana dia lasa mahalana dia mahalana ( tahaka ny asehon’ny sary amin’ny facebook, izay maneho mpivady anankiray eo am-pandriana izay mitazona “tablette” eny an-tanana no sady samy mijery ny kaonty facebookiny avy)

Rehefa mieritreritra momba ny lohahevitra nosafidianareo aho hoe” Fiaraha-miasa”, dia ny zavatra tonga voalohany ao an-tsaiko dia lasa any amin’ilay tanjona mitovy dia tsy inona izany fa ny iraka ampanaovina ny fiangonana—mifantoka tanteraka amin’ny antom-pisiantsika amin’ny maha-fiangonana antsika.

Ary mba hitazonana izay toe-tsaina miara-miasa izay kanefa ny tontolo misy antsika dia mihetsika amin’ny hafainganam-pandeha mahatalanjona, dia te hizara aminareo ireo “F” anankitelon’i Josoa aho amin’ity maraina ity rehefa niatrika ny mandan’i Jeriko izy.

Ahoana ny fomba nataon’i Josoa mba hananan’ireo vahoakan’ny Israely izany fiaraha-miasa izany na di amaro an’isa aza izy ireo?

## TONTOLON-KEVITRA MISY AN’I JERIKO

Ny tanàn’i Jeriko taloha dia tanà na tsara orina, tanàna mimanda. Raha amin’ny fomba fijery ara-miaramila dia tsy azo nidirana mihitsy izy.

Ny tanàna mimandan’i Jeriko dia tahaka ny sakana ara-batana sy ara-tsaina teo amin’ny vahoaka Israely sy ny tany nampanantenain’Andriamanitra. Alohan’ny ahafahan’izy ireo mandeha lavitra mankany Kanana, dia tsy maintsy azera ny tanàna mimandan’i Jeriko.

Io tanàna taloha izay teo anelanelan’ny Israely sy ny fandresena dia sary maneho ireo zavatra izay mitoetra sy mifaka eo amin’ny fiainantsika izay matetika manaka antsika amin’ny fanatanterahana ny iraka nampanaovina antsika. Maneho ireo zavatra izay manakana antsika

amin'ny fidirana lalina kokoa amin'ny fifandraisantsika amin' Andriamanitra sy ny fitehirizana izany fiaraha-miasa izany ireo.

**IREO "F" ANANKITELO**

## I. NY FAHAMBONIANA MASINA (Josoa 5:13-15)

A. Misy olona ambony

Io olona izay nihaona tamin'i Josoa teo ivelan'ny mandan'i Jeriko dia nilaza ny tenany ho "Lehiben'ny kaomandin'ny miaramilan'i Jehovah". Tsy inona izany fa ny fisehoan'ny Tompo Jesosy Kristy izy tenany. Tonga hifanatrika mivantana tamin'i Jesosy Kristy Josoa!

*"Izany teny izany dia naneho tamin'ny mpitarika ny Israely ny momba io vahiny mifono mistery io, izy tsy izay fa ny zanak'Andriamanitra." " Patriarka sy Mpaminany p.488*

B. Misy toerana ambony

Ny fisehoana ho "Kaomandin'ny miaramilan'i Jehovah, dia midika fa izy no ilay mpandresy foana.
Izy no ilay mandeha ao amin'ny fandresena mialoha sahady ny fanombohan'ny ady. Izy no ilay mifehy ny toe-javatra rehetra. Mampatsiahy an'i Josoa izy hoe iza tokoa no miady ao anatin'ny ady!

C. Misy hery ambony

Manoloana io fihaikana io dia nitoky tanteraka tamin' i Jehovah tompon'ny maro Josoa. Manaiky izy fa ny herin'ny Tompo dia izay mety indrindra ka dia mahatoky Azy fotsiny amin'ireo drafiny izy satria fantany fa izany no tsara indrindra ho azy sy ny vahoaka Israely.

Lesona manao ahoana re izany ho antsika mpitarika!

Tsy maintsy mianatra isika fa ny fahombiazantsika sy ny fandresentsika dia tsy ho noho ny herintsika sy ny fahaizantsika mihitsy.
Eo Andriamanitra mba hampatsiahy antsika fa eo Izy mba handimby antsika ao amin'ny ady!

Raha tsy mahatratra ny dingana iray izay hanekentsika tokoa ny fahambomniany amin'ny zavatra rehetra isika, dia tsy hisy fandresena mihitsy manoloana ireo manda goavana eo amin'ny fiainantsika izay mihazona antsika lavitra izany fiaraha-miasa izany.

## II. NY FIETREN'NY OLONA

Ny "F" faharoa, dingana lehibe eo amin'ny lalana mankany amin'ny fandresena sy fiaraha-miasa ara-panahy momba ireo manda lehibe eo amin'ny fiainantsika, dia mitaky fahatokiana ny Tompo.

Misy sehatra telo nanehoan'i Josoa fietrena tanteraka. Izay tokony ataontsika koa.

A. Mietry eo ambany teny fikasan'Andriamanitra- andininy 1-2

Alohan'ny mamdehanan'i Josoa hiady amin'ny tanànan'i Jeriko; dia nampatsiahivina azy ireo teny fikasan'ny Tompo izay hanome ny fandresena ho an'ny Israely.
Misy ireo teny fikasana momba ny lasa (Josoa 2:9) dia misy koa ireo teny fikasana ho an'ny ankehitriny (Josoa 6:2).

Efa nanam-pikasa hanome ny fandresena ho an'ny Israely foana Andriamanitra tamin'ity zava-nisy ity.

B. Mietry eo ambany drafitr'Andriamanitra- andininy 3-5a

Rah any topi-maso voalohany, dia ohatra ny hafahafa ny drafitr'Andriamanitra ho amin'ny fandresen'ny Israely. Ireo tanàna mimanda tahaka an'i Jeriko, izay naorina teo ambony havoana, dia voababo ihany rehefa nanaovana otrika volana maromaro

Ny tanàna tahaka an'i Jeriko dia tsy ho babo tsotr'izao amin'ny alalan'ny hery ara-tafika na koa tamin'ny alalan'ny tafika mangina mandeha tongotra mandritra ny fito andro.

Voababo izy ireo ao anatin'ny fotoana iray, rehefa matin'ny hanoanana ireo olona tao anatin'ny manda.

Lesona manao ahoana re izany ho antsika mpitarika!

Mamela ny drafitr'Andriamanitra hiasa sy mamela an'i Jesosy hiaina amin'ny alalanao = mihanoka ny fandreseny- Galatiana 2:20

C. Mietry eo ambanin'ny herin'Andrimanitra- andininy 5b

Eo ampianarana ny Israely fa ny fandresena dia ao amin'ny Tompo fa tsy ao amin'izy ireo.

Teo an-dalam-pandraisana anjara amin'ilay fandresena hafahafa teo amin'ny tantara izy ireo. Ho an'izy ireo, ny fandresena dia azo, tsy ao amin'ny fanandramana, fa tahaka ny vokatry ny fahatokiana an'Andriamanitra tsotra izao fotsiny.

Raha miaina araka ny làlan'Andriamanitra ianao ry mpitarika malala, dia afaka ny handroso hatrany ianao.

Izy no ilay mpisolo vava tonga lafatra. Izy no ilay sorona tonga lafatra.
Ny zavatra tsara tokony hatao dia ny mitsahatra ao amin'ny asa novitain'i Jesosy.

## III. NY FAHOMBIAZANA NAMPANANTENAINA (Josoa 6:6-21)

Ireo andininy ireo dia mitantara ny tantara mahaliana momba ny fandresena azon'ny Israely tamin'i Jeriko.
Alaivo sary an-tsaina anie izay noerotreretin'ireo olona tao anatin'io tanàna io e!
Nandray ny fahatanterahan'ny teny fikasan'ny Tompo ho azy ny zanak'Israely.

A. Mahatonga faharesen-dahatra tanteraka ny fahombiazana- andininy 6-15

Nanaraka tsotr'izao ny làlan'Andriamanitra izy ireo.

Rehefa mandeha amin'ny làlan'Andriamanitra ianareo dia misy foana ny fahombiazana!

Tsy mila Baiboly vaovao isika na karazana fanompoana hafa.

Mila mandeha am-paharetana fotsiny isika, araka ny drafitra maty paika ary am-panetren-tena miaraka amin'Andriamanitra ao anatin'ny fifanojoana aminy, sady miasa araka ny drafitra nataony.

Asan'Andriamanitra ny fahazoana fandresena; fa antsika kos any fankatoavana!

Hanome antsika ny fahasoavana Izy ho an'ny diantsika isan'andro.
"Fa izay miandry an'i Jehovah dia mandroso hery kosa; Elatra no hiakarany tahaka ny voromahery; Hihazakazaka izy, nefa tsy ho sasatra; Handeha izy, nefa tsy ho reraka." Isaia 40:31

B. Mila fanoloran-tena tanteraka ny fahombiazana – andininy 16-20

Nanodidina ny tanàna ny zanak'Israely nandritra ny 6 andro. Rehefa avy nanao izany izy dia inona no nitranga teo amin'ilay mandan'ny tanàna? Tsy nisy!

Fa, rehefa nandeha nanodidina fam-piton'io manda io ny zanak'Israely sady nihiaka, dia nianjera tanteraka ny manda!

Nanohy ny fanoloran-tenany ny Israely mandra-pifindrany avy amin'ny sehatry ny fahafahany manao manokana ho amin'ny sehatry ny herin'Andriamanitra!

Ny isa ho azy ireo dia ny nihorakoraka mialohan'ny fianjeran'ny manda!

Nidera an'Andriamanitra izy ireo ho an'ny fandresena tamin'ny finoana, mialoha indrindra ny ahafahana mahita maso izany!

Izany no atao hoe finoana- Hebreo 11:1. Izany finoana izany no manome voninahitra ny Tompo!

**FAMINTINANA**

Ry mpitarika malala, ny maha eo anao dia tsy vokatry ny kisendrasendra na fifandrifian-javatra!
Fiaraha-miasa- izany no teny baiko!
Fiaraha-miasa ao anatin'ny iraky ny fiangonana/ fiaraha-miasa ao amin'ny fitarihanao araka ireo 3 "F" an'i Josoa manoloana ny mandan'i Jeriko:

- Fahamboniana masina
- Fietren'ny olombelona
- Fandresena nampanantenaina

Vonona ve ianao hiara-miasa eo ambany fitarihna arak'an'Andriamanitra, no sady hiteny aminy amin'ity maraina ity hoe:

"*Tompo o, tsy afaka manao na inona na inona aho, tiako ny hametraka ny ampingako eo an-tongotrao ary hamela anao hitarika ity ady ity ho ahy sy hiaraka amiko satria tsy afaka aho raha amin'ny herin'ny tenako samirery!"*

Departemanta ny Fifandraisana<br>IOUC